

24 may 2010.  
11 Sivan 5770.

## Ny lalàna ao amin'ny taratasy ho an'ny Galatiana.

« *Be fiadanana izay tia ny lalànao, Ary tsy misy mahatafintohina azy.* » (Salamo 119:165)

Nanontaniana aho mikasika ny lalàna ao amin'ny taratasy nosoratana ho an'ny Galatianina. Inona ilay lalàna izay mpitaiza hitondra eo amin'i Kristy? Izao no valiny: Ny lalàna ara-pomba fivavahana sy ny fitsipika ara-pitondran-tena ao amin'ny didy folo.

Kristy no fototry ny fandaminam-pivavahana jiosy. Ny fahafatesan'i Abel dia vokatry ny fandàvan'i Kaïna hanaiky ny drafitr'Andriamanitra ao amin'ny sekolin'ny fankatoavana mba ho voavonjy noho ny ràni Jesosy Kristy naseho tamin'ny sorona milaza mialoha Azy. Nolàvin'i Kaïna ny fandatsahan-drà izay maneho ny ràni Kristy harotsaka ho an'izao tontolo izao. Andriamanitra mihitsy anefa no nikarakara ny fotoam-pivavahana ary i Kristy no fototry ny fandaminana rehetra. Nanomboka hatreo ny raharaha-pitaizàna izay mikendry hamerina ny mpanota hijery eo amin'i Kristy ho ilay fototry ny fandaminam-pivavahana jiosy.

Ireo izay nandray anjara tamin'ny raharahan'ny fitoerana masina dia nahazo fampianarana mikasika ny fidiran'i Kristy antsehatra ho an'ny tarank'olombelona. Io fandraharahàna io dia nikendry hampitsimoka ao ampo ny fitiavana ny lalàn'Andriamanitra, izay lalànan'ilay fanjakàna. Ny sorona dia natao ho ohatra maneho ny fitiavan'Andriamanitra navoatra teo amin'i Kristy—sorona feno fanaintainana sy miala aina—naka ho eo Aminy ny fahotana izay nanameloka ny olona; natao fahotàna ho antsika ilay tsy meloka.

Eo ampandinihina io loha-hevitra lehibe mikasika ny famonjena io no habitan-tsika ny asan'i Kristy. Ankoatra ny fampanantenana ny fanomezana ny Fanahy Masina, ny mahaizy azy sy ny mombamomba io fandavan-tena sy ny fidirany antsehatra io dia loha-hevitra izay tokony hamokatra ao antsaintsika ao fiheverana ambony sy masina mikasika ny lalàn'Andriamanitra izay tsy nanova ny fitakiany amin'ny taranak'olombelona rehetra. Ny fihinanana fotsiny ilay voankazo voarara dia midika fitsipahana io lalàna io ka nahatonga teo amin'ny olona sy teto antany ny vokatry ny fandikàna ny lalàna masin'Andriamanitra. Ny mombamomba ny fidirana an-tsehatra dia tokony ampy hampieritretana sy hampatahotra ny fandikàna na dia zava-madinika fotsiny aza amin'ny fitakian'ny lanitra. Tokony ho fantatra ny atao hoe fahotàna ka mifady ny dingana kely izay mety hioharan-tsika ho any amin'ny faritra mampisaraka ny fankatoavana ny tsy fankatoavana . Irin'Andriamanitra raha ny zava-boaharin'ny rehetra dia mahafantatra ny hahalehiben'ny asa nataon'ny Zanany tsy voafetra izay nanolotra ny ainy ho famonjena izao tontolo izao." Endrey! manao ahoana ny fitiavana nasehon\*ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, sady izany tokoa isika! Koa noho izany dia tsy mahalala antsika izao tontolo izao, satria tsy nahalala Ary izy." (1 Jaona3:1)

"Raha tsapa-tsika fa Kristy dia ilay fitiavana velona tsy mitady ny azy sy ilay fahatsaram-panahy tsy voafetra; dia hampitsimoka ao antsain'ny mpanota fihetsepo feno fankasitrahana izany ka mahavonona azy hotarihin'i Kristy any amin'izay hitondràny antsika -- *Manuscrit 87, 1900*

"Koa ny lalàna dia mpitaiza antsika ho amin'i Kristy, mba hohamarinina noho ny finoana isika."( Galatianina3:24) Ao amin'io andininy io, ny apostoly voatsindrin'ny Fanahy Masina dia milaza ny momba ny lalàna ara-pitondran-tena. Io no mampiseho antsika ny fahotàna ary mitarika antsika hitady an'i Kristy mba hahazo famelan-keloka sy fiadanam-pò amin'ny alalan'ny fibebahana amin'Andriamanitra sy ny finoana ny Tompon-tsika Jesosy Kristy .

Ao amin'ny lalàn'ny didy folo dia tsara jerena ny lafiny famindrampo fa tsy ny lafiny fameperana. Io fameperana io dia miantoka indrindra ny fahasambarana raha hankatoavina. Raha voaray ao amin'i Kristy izy io dia hamokatra ao anatintsika fahadiovan'ny toetra amam-panahy izay hanome fifaliam-be antsika mandritra ny mandrakizay. Tsinjo-tsika ao aminy ny fahatsaram-panahin'Andriamanitra izay raha naneho teo amin'ny olona ny fotopoto-pitsipika mafy orin'ny fahamarinana, dia te hiaro antsika ny fahoriana vokatry ny fandikàn-dalàna.

Tsy tokony halain-tsika sary antsaina Andriamanitra malaky hanafay ny mpanota noho ny fahotàny. Misarika ho eo aminy ny famaizana ny mpanota. Ny zavatra ataony dia mitarika rohin-javatra izay hisy vokany tsy azo hiodivirana. Ny zavatra atao iray dia misy akony eo amin'ny mpanota ka manova ny toetra amam-panahiny sy manamora ny fandikàndalàna manaraka. Raha nisafidy ny fahotana ny olona dia nisaraka tamin'Andriamanitra ary nanapaka ny fantson'ny fitahiana, ny vokany mazava dia faharavàna sy fahafatesana! Ny lalàna dia taratry ny fisainan'Andriamanitra. Raha raisin-tsika ao amin'i Kristy izany dia lasa fisainan-tsika koa. Mampiakatra antsika ho eo ambonin'ny faniriana sy ny fironan'ny ao anatin-tsika izany, eo ambonin'ny fankam-panahy mitarika ho any amin'ny fahotàna. «Be fiadanana izay tia ny lalànao, Ary tsy misy mahatafintohina azy.» (Salamo 119:165)

Ny tsy fahamarinana dia tsy afa-miaraka amin'ny fiadanam-pò; mandranto ady amin'Andriamanitra ny ratsy fanahy. Mandritra izany, ireo izay mandray avy amin'i Kristy ny fahamarinan'ny lalàna dia hifanara-piaina amin'ny lanitra. « Mihaona ny famindramp-po sy ny fahamarinana; Mifanoroka ny rariny sy ny fihavanana.» (Salamo 86:11) Lettre 96, 1896.

Ellen G. White *Messages choisis* Vol. 1 p. 274-277

